# TORITENY - ALAHADY faha-29 TSOTRA - TAONA D



***Andriamanitra indray va no tsy hanome rariny ny olom-pinidiny izay mitaraina aminy andro aman'alina, ary tsy halaky hamonjy azy ?***

Ry Kristianina havana lazaintsika matetika fa tsy misy kisendrasendra ao amin'Andriamanitra. Amin'izao isika manomana akaiky dia akaiky ny fanatanterahana ny Sinaody faha-7 ho antsika izao dia atolotry ny Eglizy isaky ny Alahady tato ho ato avy amin'ireo Vakiteny ny fandalinana mikasika ny FINOANA izay fototra lehibe amin'ny dinika ataontsika : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARA-MIVAVAKA MANDALINA NY FINOANA. Misaotra an'Andriamanitra isika noho izany. Anjarantsika no miroso lalindalina satria efa asehon'Andriamanitra antsika ny sitrany.

Tamin'ny Alahady lasa teo isika nibanjina manokana ny finoana izay nahitantsika taratra ny zava-niseho tamin'i Naàmana ilay Jeneraly Sirianina raha niditra tao amin'ny ranon'ny Joridany izy ka nadio ary afaka ny aretin-kodiny, niverina tamin'ny toe-batany teo aloha izy. Izany ny asan'ny fahasoavan'Andriamanitra vokatry ny finoana. Mino aho fa samy mahatadidy ny evanjely isika.

***Vakiteny I :*** *Eks. 17: 8-13*
***Salamo :*** *Sal. 120*
***Vakiteny II :*** *2 Tim. 3, 14 — 4, 2*
***Evanjely :*** *Lk. 18, 1-8*

Hitantsika ireo marary hoditra folo lahy izay nositranin'i Jesoa sy nodioviny saingy anankiray ihany no nahatsiaro nankasitraka an'Andriamanitra. Ho famintinana izany rehetra izany dia nilaza isika fa mitaky faharetana ny finoana velona, raha mitoetra amin'ny finoana isika ka manompo anatin'ny faharetana manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra dia ho tsara ny fiainantsika. Milaza miara-mahita manko isika fa marary ny fifandraisantsika izay antoky ny maha isika antsika. Mikiky antsika toa ny habokana ny rafi-pahotana averimberintsika matetika. Mila fanadiovana ny fiainantsika mba ho hisy « départ vaovao » hoy isika. Izany no tanterahintsika sy anaovantsika ezaka mafy amin'izao Sinaody izao mba hahatonga antsika ho EGLIZY OLO VELONA VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Tsy tanteraka izany raha tsy manana finoana velona isika. Hitantsika rehefa avy nanarin'ireo mpiara-dia taminy i Naamana dia niroboka tao anatin'ny rano. Izany ihany koa no antenaintsika avy amin'izao sinaody izao. Rehefa avy mifampitraotra isika dia ka mifananatra, miara-mijery ny fiainana dia HIROBOKA BEBE KOKOA

HODIOVIN'ANDRIAMANITRA KA HIROSO HANAVAO NY FIAINANA.

Amin'izao volana oktobra, volana voatokana ho an'ny misiona izao dia anirahana antsika hibanjina kokoa ny maha-misionera antsika kristianina zanak'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny batemy noraisintsika. « Vita batemy aho ka irahina », misionera ka mandinika manokana ny finoana mahatonga antsika ho tena vavolombelona. Anatin'ny volana oktobra koa no hanaovantsika ny raozery hibanjinantsika sy handinihantsika miaraka amin'i Masina Maria ny misterin'ny famonjena antsika. Finoana velona izany fa tsy finoana resaka sentosento fotsiny fa ho entina miatrika ny fiainana, mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro mba ho EOV hanorina Eglizy Tranoben'Andriamanitra izay tena simba, robaka amin'izao na tontolo iainana na tontolom-piainana. Eo am-panatanterahana izany iraka izany no tonga misionera eo anivon'ny mpiara-belona amintsika tokoa isika. Mivelona ny toe-panahin'ny Sinaody. Manana modely isika dia  i Masina Maria sy ireo Olomasina sy Olontsambatra Malagasy.

Mb Terezin'i Jesoa zazakely mpiaro ny misiona italahoantsika handrotsaka ny « orandraozy » ho antsika amin'izao ezaka lehibe ataontsika izao.

Amin'izao Alahady faha-29 mandavantaona izao, asain'ireo vakiteny telo isika handinika bebe kokoa ny vavaka sy ny anjara toeran'ny vavaka, ny antony tsy maintsy hivavahantsika sy ny vokatry ny vavaka eo amin'ny fiainantsika. Mbola tena ao anatin'ny asa fototra dinihintsika amin'izao sinaody izao ny vavaka : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARA-MIVAVAKA.

Ny vavaka tokoa no kritera fototra mikasika ny finoana. Anisan'ny sajoa voalohany tsy maintsy fenoina ny « mivavaka » amin'izao dia sady ady ataontsika hahatonga antsika ho misionera izao. Averimberintsika matetika ny fanontaniana hoe « ahoana ny hahafantarana fa manana finoana velona isika? »

Voalaza fa velona ny finoantsika raha manompo isika ary modely ho antsika i Masina Maria, finoana velona ny finoana raha manana faharetana isika amin'ny fivelomantsika ny finoana. Mbola i Masina Maria ihany koa no modelintsika amin'izany satria teo am-pototry ny hazofijaliana izy niatrika an'i Jesoa zanany nanolotra ny ainy. Tsy maintsy manana faharetana koa isika.

Azo lazaina fa ny vavaka no kritera fahatelo raha zohintsika ny fandalinam-pinoana miainga amin'ny Vakiteny natolotry ny Eglizy tato ho ato. Ny vavaka kosa no voalohany amin'ny sajoa sôta hoy isika. Ny vavaka no hanambarana fa velona ny finoantsika, raha tsy mivavaka isika dia finoana maty ny finoantsika. Io no asain'ny Eglizy hodinihintsika amin'ny alalan'ireo Vakiteny arosony amin'izao Alahady izao.

Hitantsika amin'ny Vakiteny voalohany ny tantaran'i Moizy sy ny vahoaka : rehefa tsy nanandratra ny tanany i Moizy izany hoe tsy mivavaka, dia resy : *« Raha nasandratr'i Môizy ny tanany dia i Israely no nahery; fa raha nitambotsotra kosa ny tanany, i Amaleka no nahomby.* »

Raha tsy mivavaka isika dia tsy mamokatra ny fiainantsika, fampianarana velona ho antsika ny vakiteny voalohany. Izany no mahatonga antsika handinika ny hoe : *inona ny anjara toeran'ny vavaka eo amin'ny fiainantsika* ?

Matetika isika mitodika amin'Andriamanitra rehefa mitalaho, vavaka izany nefa tsarovy fa na dia

marina fa ny fitalahoana ny fahasoavan'Andriamanitra ny vavaka ary avy aminy ny hananantsika ny hery rehetra entintsika mamakivaky ny fiainana, na dia eo koa ireo fijaliana dia fantaro ry Kristianina havana fa tian'Andriamanitra hanana fo amam-panahy misy azy isika izany hoe rehefa mivavaka isika dia mieritreritra fa hahazo ny fahasoavana. Marina izany fa ny tena tadiavin'Andriamanitra rehefa mivavaka isika dia horaisiny an-tànana ny fiainantsika ka zary fitaovana ho entiny hanitarany ny fanjakany isika. Tian'Andriamanitra ny fo amam-panahintsika ho azy tanteraka, amin'izay afaka mitondra ny famindram-pony amin'ny alalantsika eo amin'ny mpiara-belona Izy, izany no vavaka finoana velona. Ampiasain'Andriamanitra isika noho ny vavaka ataontsika, hanambarany ny fitiavany. Miasa ao amintsika Andriamanitra ka afaka manova ny fiainantsika satria mitondra ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ny mpiara-belona isika. Tena mitady antsika Andriamanitra ary mety tsy ampoizintsika izany. Miombona amintsika amin'ny alalan'ny vavaka Andriamanitra ary raha ao amintsika Izy dia miova ny fiainantsika, entanin'ny fanahin'Andriamanitra isika ka zary fitaovana ampiasainy eo amin'ny manodidina antsika.

Izany no ambaran'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa, ho lavorary ny olon'Andriamanitra ary vonona amin'ny asa soa rehetra. Raha mandinika tokoa isika dia manampy antsika hanana faharetana ny vavaka ka mivelona ny maha-zanak'Andriamanitra isika. Voalazantsika matetika fa raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra manao ny asantsika ary izany no vokatry ny finoana velona sy maha-misionera antsika satria vavolombelon'Andriamanitra isika ka zary fanilo sy fahazavana eo amin'ny manodidina antsika. Aoka isika hanaiky handray an'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika.

Inona àry ny hatao hahaizantsika handray an'Andriamanitra ka hahatonga an'Andriamanitra hiasa ho antsika vokatry ny fiombonana aminy satria izay no tena vavaka ?

Araky ny voalazan'i Jesoa amin'ny Evanjely dia ny faharetana. Raha miresaka fivavahana isika dia faharetana no toetra takin'ny vavaka mba ho lasa tabernakla tahaka an'i Masina Maria izay banjinintsika manokana amin'izao volan'ny raozery izao. Raha tsy manana faharetana isika dia tsy handaitra amin'ny fiainantsika ny vavaka.

Efa nambarantsika tamin'ny vakiteny voalohany fa raha tsy nivavaka i Moizy dia resy ny vahoaka, toy izany koa raha tsy mivavaka isika dia ho maro ny fakam-panahy sy ny zavatra mifamahofaho amin'ny fiainantsika. Lavo amin'ny fakam-panahy isika ka lasa tsy zarizary ny fiainantsika izany hoe tsy ao anatin'ny fivavahana ka noho izany ilaina sy mila faharetana ny vavaka.

Inona ny vokatra andrasantsika raha mivavaka isika ? Voalaza ao amin'ny Evanjely, « *lazaiko aminareo fa omeny rariny haingana izy ireo kanefa rehefa tonga ny zanak'olona moa hahita finoana eto an-tany izy* » ? Aoka ary hatoky isika fa raha manana faharetana amin'ny vavaka isika dia hahazo vokatsoa satria tsy inona fa Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Hiezaka àry isika hameno ny sajoa voalohany dia ny : « mivavaka »

Ny faharetana no manambara fa miombona aminy isika na inon-kidona na inon-kihatra. Io faharetana io no manambara fa ady sady dia tokoa ny fiainana.

Hitantsika amin'ny vakiteny faharoa ampianarin'i Md Paoly an'i Timote ka ampianarina amintsika ihany koa « *Eo anatrehan'Andriamanitra sy i Kristy Jesoa, izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho*

*ny andro hahatongavany sy hanjakany: Mitoria ny teny, ary mahareta amin'izany na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana: manitsia, mananara, mamporisiha, amim-pandeferana sy amim-pahaizana mandrakariva ».* Izany no anjaran'olon'Andriamanitra, ny olona misionera, io no anjaram-piainantsika hahitantsika fahasoavana amin'ny alalan'ny vavaka ary am-paharetana no hanaovantsika azy na dia misy ny manenjika antsika aza, aoka hatoky isika fa ao amintsika Andriamanitra.

Tadidio ireny hafatra nampianarin'Andriamanitra antsika ireny, aoka isika ho vonona hampirisika, hananatra, hanitsy am-pandeferana ireo manodidina antsika.

Ry Kristianina hava-malala, aoka isika hatoky mandrakariva ny famindram-pon'Andriamanitra fa izay miombona amin'ny famindram-pon'Andriamanitra dia miova ny fiainany ka hanana ny fiainana misy an'Andriamanitra, misy fifankatiavana sy fahamarinana, mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny sy mikatsaka ny soa iombonana hatrany isika. Izany no antenaintsika amin'ny famakivakiantsika ny oktobra, volana manokana ho an'ny misiona sy mampiditra antsika amin'ny taonan'ny misiona hahatonga antsika hanana finoana velona. Velona ny finoantsika raha manompo, raha manana faharetana isika, raha ao anatin'ny fivavahana tokoa ny fiainantsika ka hahatonga antsika ho tena Eglizy Olona Velona mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny ary dia manorina Eglizy Tranoben'Andriamanitra ka ho tena génération mpanorina tokoa isika mamafy fiadanana sy fanantenana amin'ireo mpiara-belona amintsika. Mamafy fiadanana isika izay hahatonga ny fiainantsika ho fiainana misy an'Andriamanitra, fianakaviana Eglizy kelin'Andriamanitra ka zary vavolombelona misionera tokoa eo amin'ny manodidina antsika.

Masina Maria Renin'ny Famindram-po, ampianaro izahay hanana faharetana amin'ny fiainanay fa indrindra amin'ny vavaka. Ankininay aminao ny fanatanterahanay ny Sinaody izay efa tena akaiky izao. Md Josefa, Mpiaro ny Eglizy eran-tany ianao mivavahà mba ho fianakaviana eglizy kely miara-mivavaka mandalina ny finoana ny fianakavianay miroso amin'izao sinaody izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson